67 Ha

# JIOLAHY IRAY MPANAO FANAFIHANA MATY VOATIFITRY NY POLISY

4


## MARINA IZANY ! ...LASA RESA-JAZA !

7

Izy no izy 3

RAZAFIARIVONY SOLOFOHERY ANGELOT

## TIA MIANATRA SY MANAMPY OLONA




Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7664 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 08 septambra 2023

FADINTSERANANA MALAGASY 8
FANAFARANA FIARA




## NOHAMORAINA NY FAMOAHANA TARATASY

TAEKWONDO - JO 2024 (FIFANINTSANANA) 3

## HANDEFA SOLONTENA 4 I MADAGASIKARA

ANKAZOABO ATSIMO 4

## ZANDARY NITIFI-TENA REHEFA AVY NAHAFATY TSY NAHY ZAZALAHY

SEKOLY FANORONA - FIDIRANA 2

## AMIN'NY 23 SEPTAMBRA

FIFIDIANANA FILOHAN'NY REPOBLIKA 7

# KANDIDÀ TELO SAHADY NIALA AN-DAHARANA




ANDRIANARISOA ROMY 7

# HIAKATRA FITSARANA ANY LONDRES, ANIO



Hiran'ny Mahaleo

# Hokaloin'ireo tanora mpikambana tao amin'ny tarika an-tsehatra amin'ny fomba hafa indray

*Fotoana iray anehoan' izy ireo ihany koa izao fa afaka mandeha irery izy ireo ary mahafeno tarika iray.*



Ireto ry zalahy vato nasondrotry ny tany.

Revy hafakely indray no ho hitantsika etsy amin'ny Lapan'ny Teny tonga Nofo Ambatobe, amin'ny zoma 29 septambra ho avy izao. Hanomboka amin'ny valo ora alina ny fotoana. Seho hafakely tokoa, satria hokaloin'ireo tanora mpikambana tao amin'ny tarika Mahaleo ireo vazon'ny tarika, ka hataony amin'ny fombany indray. Anisan'izany ohatra i Ony, izay tanora efa manampy ny tarika foana rehefa misy ny fampisehoana ataon'izy ireo. Eo koa i Tolotra, Nary, Tojo, Tsilavo, Douglass, Riri ary Fefe. Izy ireo no niara-nikonokonona hanao ity fampisehoana ity mba hanehoan'izy ireo amin' ny rehetra ny maha mpanakanto feno azy ireo na dia mbola hindrana ny hiran'ny tarika Mahaleo aza izy ireo amin'io fotoana io. Fotoana iray anehoan'izy ireo ihany koa izao fa afaka mandeha irery izy ireo ary mahafeno tarika iray. Ankoatra ny hiran' ny tarika Mahaleo moa dia ho re ao ihany koa ireo vazon'i Erick Manana, Njila, na hafa koa. Anisan'ny efa niaraka tamin'ireo mpanakanto ireo ihany koa mantsy ny sasany amin'izy ireo. Notazomin'izy ireo ho "surprise" moa izay hira tena hataon'izy ireo izay fa mampanantena kosa izy ireo fa ho seho goavana io hataon'izy ireo io, satria dia samy miezaka ny hanao zavatra miavaka avy izy ireo. Hivoaka manomboka amin' ny alatsinainy 11 septambra izao moa ny tapakila eny amin'ny Nect'art Ankaditapaka. Misy ny karatra VIP, ny famandrihana ary ny tsotra. Tsara ihany koa ny manamarika fa efa nanomana fiara iombonana ny mpikarakara ho an'izay mila izany. Miresaka ity farany dia nilaza moa ny Event Squal sy Be'L Prod, mpikarakara ity seho ity, fa nanao fanamby izy ireo amin'ny lafiny rehetra, na amin'ny resaka toerana hanaovana ny seho na amin' ny seho hatolotra, ka dia azo antenaina, hoy izy ireo, fa tsy ho diso fanantenana ny olona ho avy hijery izany fa hahazo fahafinaretana tsara.

**Tanya.R**

Fiangonana Loterana Malagasy

# Hofaranana eny amin'ny Coliseum ny Lasy Pastoraly Nasionaly



Pastora an'arivony avy amin'ny sahan'ny FLM manerana an'i Madagasikara no tonga miatrika ny Lasy Pastoraly Nasionaly eny amin'ny CCI Ivato.

Hetsika iray anisan'ny lehibe goavana eo anivon'ny Fiangonana Loterana Malagasy natao hihaon'ny Pastora rehetra manerana ny sahan'ny FLM eto Madagasikara ny Lasy Pastoraly Nasionaly. Miditra amin'ny andiany faha-3 ny hetsika amin'izao fotoana izao ka eto anivon'ny Synodam-paritany Antananarivo (SPAnta) no mandray azy. Ny alarobia 6 septambra teo, teny amin'ny CCI Ivato, no nanomboka ny lasy ary eny amin'ny Colliseum no hamaranana azy ny alahady 10 septambra izao manomboka amin'ny 8 ora sy sasany maraina. Mandritra ny hetsika famaranana dia fotoam-bavaka lehibe eo ambany fitarihin'ny Filohan'ny FLM, Rakotozafy Denis, no hanombohana azy. Hanana anjara goavana amin'ny fanafanana ny hetsika amin'ny alalan'ny hira fiderana ihany koa ny tanora zanaky ny FLM eto anivon'ny SPAnta sy ny KTLM SP. Araka izany, ny birao FKTLM sy ny birao KTLM SPANTA dia manentana ny tanora rehetra manodidina an'Antananarivo mba ho tonga hanome voninahitra an'Andriamanitra sy hanotrona ireo Raiamandrenintsika Pastora. Manao Fanamiana avokoa ny antoko mpihira tsirairay avy. Manomboka amin' ny 7 ora maraina ny fanetanana dia efa hisy ny hira hifandimbiasana. Marihina fa mikatona avokoa ny fiangonana rehetra, SPAnta amin'io alahady io.

Teny fanevan'ny Lasy Pastoraly Nasionaly amin'ity taona ity ny hoe *"ao aminy koa no hanaovana antsika ho lavany"* (Ef 1:11). Tanjona amin'ny hetsika moa ny fijerena ny toe-piainan'ny fiangonana amin'ny ankapobeny, ny toeran'ny FLM eny anivon'ny fiaraha-monina sy ny firenena, ny fandrosoan'ny fivavahana kristianina eto Magadasikara sy ny fitoriana filazantsara, na any ivelany aza, ny fiainan'ny Pastora amin'ny ankapobeny sy ny fiarovana azy amin'ny maha mpanompon'Andriamanitra azy, ny rafitra entina handinihana ny ho avin'ny Pastora, ny zavatra tokony hamboarina. Fa misy ihany koa fampianarana mikasika ny fitondram-piangonana ho an'ny Pastora sy Ramatoa vadiny.

**Tiaray R**


**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 272 - 09 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

## Ravintoto sy orana

Zavatra ilaina : ravintoto sahabo antsasa-kilao, orana lena antsasa-kilao, tongolo lay singany 5, voatabia ary tongolo oignon.

Fikarakarana azy: totoina halemy ny tongolo lay, esorina ny hoditry ny orana. Andrahoina halemy ny ravintoto. Endasina ny tongolo sy voatabia ary ny orana. Afangaro ary atao ketsaketsa. Tsy hadinoina ny sira. Ampiarahina amin'ny vary.

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny fisehoana ivelany dia tsy midika velively hoe sambatra izy lahy na malahelo am-panahy, fa misy toetra tena miafina, tsy azon'iza vakina afa-tsy ny tenany ihany. Fadio ny mitsara ivelany, tsy nahalala akory ianao kanefa mitsaratsara fahatany. "

Ny Vetso (29.09.15)

("Derrière une apparence normale peut se cacher une âme triste ou un cœur brisé. Alors ne juger pas sans savoir…. ")

Sekoly fanorona

# Mihemotra amin'ny 23 septambra ny fidirana



Natao ho an'ny olona rehetra, na efa mahay na mbola vao sambany hilalao, ka isaky ny asabotsy manomboka amin'ny 2 ora tolakandro no hianarana izany.

Kilalaon-tsaina manana ny mampiavaka azy ny lalao fanorona malagasy. Nisy ny fandalinana sy fitadiavana tahirin-kevitra nataon'ireo mpisehatra, ka anisan'ny nanao fikarohana izany i Jean Mari Lalao, ao anatin'ny Vovonana Nasionalin'ny Fanorona Malagasy. Nisy ny fifanarahan'izy ireo teo amin'ny IKM ka nisokatra ny sekoly fianarana fanorona ao an-toerana. Raha araka ny voalaza tany am-boalohany dia rahampitso asabotsy 9 septambra no tokony hanomboka ny fianarana, saingy noho ny antony maro samihafa dia ahemotra amin'ny 23 septambra indray izany. Raha ny fanazavana dia misy hetsika hafa efa voafaritra mialoha tanterahina ao amin'ny IKM ny asabotsy izao sy amin'ny heriny, ka izay no antony hanemorana azy. Ny fianarana moa dia natao ho an'ny olona rehetra na efa mahay na mbola vao sambany hilalao, ka isaky ny asabotsy manomboka amin'ny 2 ora tolakandro no hianarana izany. Ampahafatarina mandritra ny fampianarana ny refin'ny sori-panorona, ny tetika aminy adim-panorona, ny teti-panorona 21 ara-teknika sy kabary, ny dingana 3 arahina raha hamono paika, ny tetika 9 famonoana paika ary ny haintenim-panorona sy ny maro hafa.

**Tiaray R**

## Zoma manifika

**Sivy Mahasaky**

**"Seho tsiahy" etsy amin'ny Plaza Ampefiloha**

"Concert hommage"! Izany hoe fampisehoana hoentina hahatsiarovana. Izay no fanambin'ny tarika Sivy Mahasaky mandritra ny fiakarana an-tsehatra hotanterahin'izy ireo etsy amin'ny efitrano malalaky ny Plaza Ampefiloha. Hetsika hotanterahan'izy ireo, etsy amin'ny Plaza Ampefiloha, anio manomboka amin'ny 7 ora sy 9 minitra hariva. Mpanakanto sangany efa nodimandry telo no hotsaroana sy omen'izy ireo voninahitra ao anatin'ity takariva ity ao an-toerana, dia i Tsilavina Ralaindimby, DaNaivo ary Donné Sahondrafinina. Mpanakanto izay anisan'ny nitondra ny anjara birikiny teo amin'ny fampivoarana ny talentan'ny tarika Sivy Mahasaky izy telo mirahalahy mianaka ireo.

**Tarika Kiaka**

**« Revy Rock » ao amin'ny Pim's Behoririka**

Jonny, Joce, Jojo, Deba, Daddy ary Nini. Izy 6 mirahalahy ireto no hampialavoly ao anatin'ny "zoma manifika", anio etsy amin'ny Piment Café Behoririka. "*Revy rock, sovaly metaly*", izay no anarana nampisaloran-dry zalahy ireto ny fiarahany mialavoly amin'ny ekipany iray manontolo sy ny mpankafy azy ireo anio alina. Hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany alina ny fotoana, izay voalaza fa hitondran-dry zalahy ireto ny kantony tao anatin'izay 30 taona mahery niriariavany teo amin'ny tontolon'ny mozika mavesatra izay.

**Rija Ramanantoanina**

**Hanafana etsy amin'ny Casc PK Zero Soarano**

"*Hihira ho anao*". Izay no lohatenin'ny fiakarana an-tsehatra hotanterahan'i Rija Ramanantoanina etsy amin'ny efitrano malalaky ny Casc PK Zero Soarano. Anio manomboka amin'ny 9 ora alina ny fotoana hifanomezany amin'ireo mpankafy sy mpiondana ny hirany hatramin'izay. Ankoatra ny vazo sy ny feomangan'i Rija Ramanantoanina izay mpamorona hiram-pitiavana amin'ny ankapobeny. Hanotrona azy ao an-toerana i Lalie sy Icanto.

**Nangonin'i Fy**

Taekwondo - JO 2024(fifanintsanana)

# Handefa solontena 4 i Madagasikara

*Antenaina fa hahazo vokatra tsara ireo solontenantsika handeha any Sénégal.*

Hotanterahina any Senegal rahampitso sy rahafakampitso, ny ady fifanintsanana iadiana tapakila, hiatrehana ny Lalao Olympika 2024, taranja Taekwondo. Nanambara ny filohan'ny federasiona, Ramanantsoa Christian, fa handefa solontena hiatrika izany isika saingy tsy nilaza ny anaran' ny atleta ny tenany, fa 4 mianadahy( 2 lahy sy 2 vavy) no kasaina handray anjara amin'izany. Nohamafisiny fa tsy mbola fantatra ny sokajindanja fa miankina amin'ny vokatry ny fifantenana hataon'ireo mpanazatra sy ny ekipa teknika izany.
Tsiahivina fa sokajin-danja valo no hiadiana toerana ka 4 eo amin'ny lehilahy, dia ny - 58 kg,-68 kg,-80 kg,+80 kg. 4 ihany koa ho an'ny vehivavy,-49 kg,-57 kg,-67 kg, + 67 kg. Avy hatrany dia mahazo ny tapakila hiatrehana ny lalao Olympika 2024 ireo atleta 2 voalohany isaky ny sokajy. Anisan'ny taranja hain'ny Malagasy ity Taekwondo ity ka antenaina hahazo vokatra tsara ireo solontenantsika handeha any Senegal. Raha hiverenana dia vao andro vitsy izay no nikatona ny fifaninanana Lalaon'ny Nosy. Namiratra ary tsy nitsanga-menatra ny ekipam-pirenena malagasy tamin'izany. Afa-po tamin'ny vokatra azo nandritra ny lalaon'ny Nosy farany teo ny federasiona, hoy ity fioha ity. Medaly volamena 13 no azon'izy ireo, izay nitondrany fisaorana ny filoham-pirenena, nanolotra fankaherezana ho an'ireo atleta nahazo medaly. Teo koa ireny minisitra mpiahy nanohana nandritra ny fanomanana, dia ny minisitry ny fanabeazam-pirenena, ny fiompiana sy fambolena, ary ny minisitra lefitra misahana ny fiompiana, izay tena nanohana, hoy hatrany Ramanantsoa Christian.

**Rabenaivo**

Haiady Diamanga

# Nahazo "doctorat en science éducation" i Haingo Rasolonjatovo



**Nandritra ny " thèse " nataon-dRasolonjatovo Haingo teny amin'ny oniversiten'Antananarivo.**

« Mention très honorable » miaraka amin'ny fankasitrahan'ny jury. Io no azon-dRasolonjatovo Harinambinina Haingo tamin'ny 24 aogositra lasa teo teny amin'ny oniversiten' Antananarivo, nandritra ny « thèse de doctorat en science de l'éducation » nataony. Nanaovan'ity Karateka fahiny ity fikarohana manokana ny mahakasika ny taranja haiady nentim-paharazana, ny tena marina kokoa dia ny fanaovana ilay haiady diamanga(dihy-diamanga) eny anivon'ny fanabeazana ara-tsosialy. Nofidiny manokana tamin'ity « thèse » ity ny hoe « taranja haiady eto Madagasikara: fianarana ara-tsosialy sy fanabeazana momba ny fampiharana ny diamanga (dihy-diamanga) ». Nahafahan'ity «assistante d'Enseignement Supérieure au sein de l'Ecole Normale Supérieure /Université d'Antananarivo », nampisongadina indray ny haiady nentim-paharazana izany. Tanjona tamin'izao ny hamerenana sy hampisongadinana ny fanatanjahantena nentim-paharazana, amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana ny EPS, avy amin'ny alalan'ny fanavaozana ny fanaovana ny diamanga. « Izany dia mamela antsika hitarika ny ezaka ataontsika amin'ny fianarana ny haiady nentim-paharazana », hoy Haingo Harinambinina Rasolonjatovo, andiany nivoaka tao amin'ny ENS – EPS tamin'ny 2000, izay manana ny diplaoma (DESS) en Sciences et Pratiques de l'Éducation et de Formation d'Adultes - ENS /Université de Fianarantsoa. Nahafahany nanao tsao-kevitra, fa ny fanaovana ny diamanga sy dihy-diamanga dia mitondra vokatsoa eny anivon'ny fiaraha-monina sy ny any antsekoly.


**Rabenaivo**

## Izy no izy

Razafiarivony Solofohery Angelot

# Tia mianatra sy manampy olona

Angady nananana sy vy nahitana ny fahombiazan'ny taranja basketball tato ho ato no nanaiky an-tsitrapo, nanambara ny tsiambaratelon'ny fahombiazana azon' ny Malagasy tamin'ny fifaninanana iraisampirenena maro natrehin'ny ekipampirenentsika " ANKOAY " lahy sy vavy . Tsy iza izany fa ny Tale Tekinika Nasionaly, Atoa Razafiarivony Solofohery Angelot, izay tso-piaina tia mifandray aman'olona ary manampy rehefa tra-pahasahirana ny mpiara-belona aminy. Ankoatra an'izany dia ny fitiavany mianatra na dia efa miaka-taona aza ny lehilahy, izay tsy ataony ambaninjavatra. Tsy tongatonga ho azy ny naha DTN azy teo amin'ny taranja basketball. Fony mbola zaza i Angelot dia efa nanomboka nanipy baolina tanaty seza nahantona, miendrika ho solon'ny "panier". Rehefa nahazo ny mari-pahaizana bakalorea dia nianatra tamin'ny sekoly ambony momba ny fianarana fanantanjahantena, izay nahazoany maripahaizana momba ny " Éducation Physique et Sportive ". Teo amin'ny fahazazany sy ny fahatanorany, fony izy mbola mpianatra tamin'ny Epp sy Ceg ary Lycée, dia nianarany avokoa ny taranja ara -panatanjahantena maro (football - basketball - lomano - tenisy ambony latabatra - atletisma - gymnastic), teo ambany fiahian' ny mpampianatra EPS toa an-dry Jean Ratsirahonana / Ralaivao Jean François / Ferdinand. Ankoatra ny fianarana nataony dia maro ny ekipa efa nilalaovana tamin' ny taranja ara -panatanjahantena baolina kitra sy basket -ball, nanomboka tany Taolagnaro, nitaiza ny fahazazany, ka hatrany Fianarantsoa, ary mbola notohizany taty Antananarivo.





Nisy ny fotoana naha mpilalao no sady efa naha mpanazatra azy. Rehefa nitsahatra tsy nilalao dia niofana ho mpitsara lalao sady mpanazatra klioba. Maro ny mpilalao nampitany fahaizana.Teo amin'ny sehatrasa maha DTN azy dia datin' andro maro no tsara ho tadidy : 2006 - 2007 : Nitanany voalohany ny toerana maha DTN. Nisy fotoana niatoana, ka niverina indray tamin'ny taona 2017 ka mandraka ankehitriny. Tamin'ity taona 2023 ity fotsiny dia tahaka izao ny zava-bitany :
- Medaly volafotsy ny Ankoay niatrika ny Afrobasket " U18 "
- Medaly alimo ny ekipampirenentsika niatrika ny Lalaon'ny tany miteny sy mampiasa ny frantsay tany Kinshasa (RD Congo) - Nandrombaka medaly volamena efatra tamin'ny Lalaon'ny Nosy teto amintsika. Matetika moa amin'ny fifaninanana ara-panantanjahantena dia tsy misy mpiteny loatra ireny DTN ireny kanefa matoa misy ny vokatra azo dia noho ny asa sy ny ezaka nataony, nampy ny mpanazatra ary indrindra ny tetikady rehetra entina mampiroborobo ny taranja sahaniny. Tsy nianona teto Madagasikara fa nanitatra ny fahaizany hatrany ivelany momba ny fandalinana ny taranja basketball, na dia efa nomen'ny FIBA Africa ny maripahaizana momba ny maha " Instructeur " azy, ahafahany manofana mpanazatra sy mpampiofana aza. Indroa miantaona no nandehanany tany Canada, naka ny maripahaizana " Niveau 3 " momba ny " Théorie de l'entraînement " tany amin'ny Institut National de Formation des Entraîneurs (INFE) tany Montréal, tamin'ny taona 2008. Notohiziny tany amin' ny Institut National des Sports de Québec (INSQ) ny fangalana ny maripahaizana momba ny " Préparation Physique et en Planification de la Performance ", tamin'ny taona 2018. Nankatoavin'ny PAISAC momba ny 'maha ' Formateur des Formateurs " azy. Nanamafisany ny fikarohana nataony ary notohanany ny " Management du Sport ". Mananika ny faha-63 taonany i Angelot, manana ny " Grade Professeur d'EPS 3 ème Échelon " amin'ny maha mpampianatra taranja arapanantanjahantena azy. Manambady aman-janaka. Tia mihaino mozika ary mankafy milaoka hazandrano sy henan-kisoa miaraka amin' ny ravintoto.

**aris rafaly**

## Akon'ny fanatanjahantena

***- Rugby*** – Hanomboka anio any Frantsa, ny fiadiana ny amboara eran-tany, ho an'ny taranja Rugby. Na dia tsy mbola anisan'ny handray anjara amin'izany aza ny Makis, fantatra koa izao fa nasain'ny Nosy rahavavy La Réunion, hiatrika lalao arapirahalahiana aminy ny ekipam-pirenena malagasy. Tafiditra anatin'ny fampahafantarana amin'ny fomba ofisialy ny fanombohan'ity fifaninanana iraisam-pirenena goavana ity moa izany. Mpilalao 23 mirahalahy no mandrafitra ny Makis lasa any La Réunion, ahitana ireo sangany, toa an-dry Julio(Ftm), Haja(Cosfa), Fabien(Uscar).

***- Judo*** – Taorian'ny Lalaon'ny Nosy 2023, lasa any Casablanca Maraoka indray ny ekipam-pirenena malagasy, hiatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika. Ireo atleta sangany no lasa any hisolo tena antsika, ahitana an-dry Ifaliana Andriamifehy, Rayan Ravelojaona sy ireo hafa...Miandrandra vokatra tsara ho azy ireto hatrany i Madagasikara.

**Rabenaivo**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, fanaka, vy, frigo, TV, boky, kilalao, pièce. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 635/10-6)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 639/20-4)

* Kilalao, poketra, fanaka, kojakojan-dakozia. Tél : 034.95.621.82 / 033.02.188.41. (G-BA 643/10-1)

### COURS

* Cours de coiffure acceléré, tsisy écolage. Afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 641/20-2)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 642/6-2)

### VIDANGE

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparat°, pompage, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 625/20-19)

* Sce vidange fosse sept, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 638/15-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 640/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 640/6-3)

* Manao asa momban'ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 640/6-3)

* Vidange fosse sseptique, fosse perdu & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 644/22-1)

67 ha

# Jiolahy iray mpanao fanafihana maty voatifitry ny polisy

*Fantatra fa anisan'ny nanafika teny amin'ny toerana fijanonan'ny taksibe teny 67 ha ralehilahy ny 29 aogositra teo, izay voalaza fa nisy olona iray maty sy iray hafa naratra tamin'izany.*

Nirefotra ny basy teny 67 ha ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy lasa teo. Lehilahy iray voalaza fa jiolahy no maty voatifitry ny polisy tamin' io fotoana io. Nandritra ny asa fisafoana nataon'ny polisy dia mitsofoka any anaty elakelantrano any izy ireo. Nandritra izany indrindra no nahitan'izy ireo an'ity lehilahy ity nitondra antsy lava. Rehefa nifanehatra ny roa tonta dia niroso tamin'ny fisamborana azy ireo mpitandro filaminana, saingy tsy nanaiky lembenana ralehilahy fa nanohitra. Araka ny fanazavana mantsy dia tsy nety nosamborina izy ary handeha hampiasa ilay fitaovam-piadiana teny aminy mihitsy aza saika hamelezany ny polisy. Voatery nampiasa ny basy teny antanany, araka izany, ireo mpitandro filaminana ka nipoaka izany ary niantefa teny amindralehilahy ny bala, dia io nitarika ny fahafatesany io.

**Efa nigadra**

Araka ny fanampim-panazavana hatrany dia izany Raliva be izany no solon'anarana hahafantarana ity jiolahy ity. Fantatra fa mpanafika « cash point » eto an-drenivohitra izy ary efa nigadra indroa miantoana teny amin' ny fonjan'Antanimora ihany koa. Fantatra hatrany fa anisan'ny nanafika teny amin'ny toerana fijanonan'ny taksibe teny 67 ha ralehilahy ny 29 aogositra teo, ary voalaza fa nisy olona iray maty sy iray hafa naratra tamin'izany. Efa naterina teny amin'ny tranom-patin'ny hopitaly moa ny vatana mangatsiakan'ity lehilahy ity, miandry ny hakan' ny fianakaviany azy.

T.H

Mandoto

# Nirefodrefotra ny basy, dahalo 3 sy olon-tsotra 1 maty voatifitra

Raikitra indray ny fifampitifirana teo amin'ireo dahalo nitam-piadiana sy ny mpitandro filaminana tao Ambatomitikitra, distrikan'i Betafo, ny alin'ny alatsinainy lasa teo. Vokany, dahalo telo no lavon'ny balan'ny zandary ary olon-tsotra iray ihany koa no namoy ny ainy voatifitr' ireo olon-dratsy. Araka ny fanazavana azo, nikasa hanafika tao amin'ny tanànan'Androtabe, fokontany Antevamena, kaominina Ambary, distrikan' i Mandoto, ireto andiandahalo nirongo fiadiana ireto tamin'io. Nifanehatra tamin' ny zandary nanao fisafoana anefa izy ireo ka raikitra teo ny fifanjevoana. Tsy nanaiky mora izy ireo fa nitifitra avy hatrany raha vao nahita ireo mpitandro filaminana ka namaly tifitra ihany koa ny zandary. Mbola tratra teny amin'ireto dahalo maty ireto ny basy baïkal calibre 12 iray sy bala miisa telo, izay nampiasain'izy ireo tamin'io fotoana io. Tsy mbola nisy ny zavatra voaroban'izy ireo tamin'ity fanafihana ity. Saika hanao ny asa ratsiny indrindra mantsy ireto dahalo ireto izao nifanjevo tamin'ny zandary izao.

R.C

Farafangana

# Vehivavy moana marenina maty notsindronina antsy, nesorina ny rantsam-batany

Ramatoa 73 taona voalaza fa sady moana no marenina no hita faty tao an-tranony, afakomaly tokony ho tamin' ny 10 ora sy sasany, tany Maroakova, kaominina Namohora Ialorano, any amin'ny distrikan'i Farafangana. Araka ny fanazavana azo dia maty novonoina izy ary tamin'ny fomba feno habibiana no nanatontosan'ny jiolahy an'izany. Nahitana dian'antsy teo amin' ny hatony ary nodidiana sy nesorina ihany koa ny rantsam-batany rehetra. Raha vao nahafantatra mikasika ny fisian'ity faty hita ity ny fokonolona dia nampandre ny zandary tany an-toerana avy hatrany. Tsy niandry ela ireo mpitandro filaminana fa avy dia nidina nanao fizahana. Trano tokana roa miala atsimon'ny tanànan'i Maroakova no nisy ity tranga ity. Araka ny fanazavana dia nilaza ny fokonolona fa mety ho ny alin'ny talata hifoha alarobia teo no nidiran'ny jiolahy tao an-tranony ary novonoina tao io ramatoa io. Ny fanazavana hatrany no nahalalana fa nilaza ny fianakaviany akaiky fa tsy nisy zavatra very tao amn'ilay trano na dia iray aza ka nanamafy izy ireo fa maty novonoina ny havany. Marihina fa tsy manambady ary tsy manan-janaka ity olona maty ity. Mitohy ny famotorana mikasika ity vono olona ity ary efa mandeha araka izany ny fikarohana ny jiolahy nahavanon-doza.

T.H

## TATSY SY TAROA

**# Telo lahy mpamatsy sady mpidoroka rongony no voasambotry ny zandary teny Ankadindravola Ivato,** ny 04 septambra lasa teo. Mbola nahatratrarana rongony 32 fonosana lehibe izy ireo. Omaly izy telo lahy ireo no natolotra ny Fampanoavana teny Anosy.

**# Taolan-dava 61 indray no hitan'ny olona nisy nanary tao Marolambo, afakomaly hariva.** Tsy fantatra ny olona nanary ireo taolam-paty ireo sy ny fasana nakana izany. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha amin'izao fotoana izao.

**# Kamiao lehibe iray no nifatratra tao anaty rano tao Ambohimandro Avaratra, distrikan'Anjozorobe, omaly.** Tapaka ilay tetezana ka nilatsaka avy eny ambony ilay kamiao ary lasa tany anaty rano.

**# Omby anankiroa no lasan'ny dahalo tao amin'ny tanànan'Anorana- Ankadivavala, kaomina Talata Miandrandra,** distrikan'Arivonimamo ny talata alina lasa teo.

R.C

Ankazoabo atsimo

# Zandary nitifi-tena rehefa avy nahafaty tsy nahy zazalahy

Namoy ny ainy ny zandary kilasy faharoa, Dama Mahatoy, miasa ao amin'ny tobim-paritra Berenty Betsileo, rehefa avy nahatifitra zaza tsy nahy tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ankilivalokely, distrikan'i Ankazoabo atsimo, ny alarobia hariva teo. Namoy fo ity zandaty ity ka nitifitra ny tenany rehefa hitany fa may ilay zaza. Izany hoe ny basy teny an-tanany ihany no nampiasainy nitifirany ny tratrany. Maty teo no ho eo ihany koa izy ary tsy nisy azo natao ho fialana nenina akory. Raha araka ny angom-baovao dia mamomamo ity zandary ity talohan'izao tranga rehetra izao. Na izany aza, am-perinasa izy satria niandry kizo eny Ankilivalokely no nanirahana azy ary tamin'izany indrindra izy no nahakitika tampoka ny basy teny aminy.

**Gorobaky**

Nipoaka ilay fitaovam-piadiana ary nahavoa ny tafon-trano nipetrahan'izy ireo. Niverina ilay bala ka nahatifitra an'io zazalahy 14 taona io, izay nipetraka teo ambony sarety tao ambadika atsimon'ny trano nitoeran'izy ireo. Gorobaky ny bala ny kibon'ilay zaza ary maty teo no ho eo ihany koa ity farany. Minitra vitsy taorian'io no nahafantatra ilay zandary fa nahavoa olona ilay tifitra nataony. Namono tena ihany koa ity mpitandro ny filaminana ity. Efa nentina ny vata mangatsiakany ary andrasana ao Berenty.

Ariel D.

Ambohimasina - Betafo

# Tranon'ny Masera tafiditry ny jiolahy mirongo fiadiana



Ilay jiolahy voasambotra.

Telo lahy nirongo fiadiana no nikasa hanafika tao amin'ny trano fonenan'ireo Masera ao Nandihizana, amin'ny fokontany Ambohimasina, distrikan'i Betafo, ny alarobia hariva lasa teo. Efa tafiditra tao an-tokotany ireo olon-dratsy miaraka amin'ny antsy sy kibay. Raha ny fanazavana dia nianika tamboho ry zareo ka nahafahany niditra tao. Vehivavy iray mpanampy an-trano no tratrany teo ivelany ka notereny mba hamoha ilay varavarana. Tao anatin'izany no nisy masera anankiray zay sendra naheno ilay kotaba no nivoaka, ka novelesin'ireto tsy mataho-tody tamin'ny hazo. Naratra ny tanan'ilay masera saingy mbola afaka niantso vonjy ihany izy taorian'izay. Io no nanaitra ny manodidina ka nahatonga ny fokonolona namonjy avy hatrany an'ireto Masera ireto.

**Fiambenana**

Vao nahare ilay antso vonjy ihany koa ireo jiolahy dia lasa nitsoaka nandositra. Ny roa lahy tafaporitsaka fa ny iray namany no voasambotry ny mponina. Araka ny filazan'ireo dia noteren'ireo jiolahy hamoaka vola izy ireo. Na izany aza, tsy nisy ny zavatra very na ny aina nafoy fa ny tanan'ilay masera iray havanana no misy mivonto voakapoky ny kibay raha ny filazany. Efa eo am-pelatanan'ny zandary ny raharaha. Nentanina ny manam-pahefana sy ny fokonolona hanamafy ny fiambenana, indrindra amin'ny alina, hanampy ireo zandary. Mitohy ny fikarohana ireo jiolahy tafaporitsaka.

Ariel D.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Dikany**




## Hatsikana an-tsary

**Mangitsy**




## Masoandro Miposaka

**Apokalypsy 14 : 6**

Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana filazantsara mandrakizay hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra,

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



" Fony talo-han'izany ", hoy Tavilahy.

" Avant cette époque-là ", dit Tavilahy.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3044**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 1 | | | | | | | |
| | 5 | | | | | 4 | | |
| | | | | 9 | 6 | | 5 | |
| 4 | | | | 3 | | | | 5 |
| | 8 | | 9 | 5 | 7 | | | 1 |
| | 2 | | | | | | | |
| | | | 6 | 2 | | | | 8 |
| | | | | | 1 | | | 7 |
| 1 | 6 | | | 8 | 5 | | | |

Valin'ny laharana **3043**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 8 | 5 | 7 | 4 | 3 | 6 | 1 | 2 |
| 4 | 3 | 6 | 1 | 8 | 2 | 7 | 5 | 9 |
| 7 | 1 | 2 | 5 | 6 | 9 | 3 | 4 | 8 |
| 8 | 9 | 4 | 3 | 5 | 1 | 2 | 6 | 7 |
| 2 | 6 | 7 | 8 | 9 | 4 | 1 | 3 | 5 |
| 1 | 5 | 3 | 6 | 2 | 7 | 9 | 8 | 4 |
| 6 | 2 | 9 | 4 | 3 | 8 | 5 | 7 | 1 |
| 5 | 4 | 1 | 9 | 7 | 6 | 8 | 2 | 3 |
| 3 | 7 | 8 | 2 | 1 | 5 | 4 | 9 | 6 |

Fifidianana filohan'ny Repoblika

# Kandidà telo sahady niala an-daharana

*Nisintona ny taratasy filatahan-kofidiany teny amin'ny HCC ny kandida Masy Goulamaly sy Rasolofonoroniaina Julia Mickaelle ary James Rasoamaka.*

24 ora taorian'ny fe-potoana farany nahafahana nametraka antontan-taratasy filatsahan-kofidiana ho filoham-pirenena teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, niala andaharana sahady ny kandida Masy Goulamaly Marie Jeanne d'Arc sy Rasolofonoroniaina Julia Mickaelle ary James Rasoamaka. Tsy niandry ny vokatry ny fandinihan'ireo mpitsara sivy mianadahy ireo taratasy filatsahan-kofidiana 28 voapetraka eny Ambohidahy akory ireo kandida vehivavy roa ireo fa nisintona avy hatrany ny dosieny efa nateriny andro maromaro izay. Ho an'ny kandida Masy Goulamaly, nilaza ny tenany fa ho fanamafisany ny fanoherany ny firotsahan'Ing. Andry Rajoelina noho izy mizaka zom-pirenena frantsay sy ho fanajana ny maha tany tan-dalàna an'i Madagasikara no antony nisintonany ny filatsahan-kofidiany.

**Tsy madio**

Ho an'ny kandida Rasolofonoroniaina Julia Mickaelle indray, nilaza ny talen'ny fampielezan-keviny, Jean Nirina Rafanomezantsoa fa tsy nanana antoko politika na olom-boafidy nanolotra azy io andriambavilanitra io ka tsy afaka mirotsaka ho fidiana. Ambonin'izany, milaza ny hifantoka amin'ny fampandaniana fanindroany an'Ing. Andry Rajoelina izy ireo ka nanapa-kevitra nisintona ny dosieny. Tsy nilaza mazava ny antony nisintonany ny firotsahan-kofidiany kosa ny kandida James Rasoamaka saingy nilaza kosa fa tsy madio ny fikarakarana ny fifidianana. Etsy andanin' izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa mety mbola hihena hatrany ny isan'ireo kandida ho filoham-pirenena ireo. Raha ny fantatra mantsy dia mbola maro amin'ireo kandida nametraka ny dosieny teny amin'ny HCC no tsy nandoa ilay sarampandraisana anjara 200 tapitrisa Ar.

**Mamy R**

Andrianarisoa Romy Voos

# Hiakatra Fitsarana any Londres, anio

Hiatrika mpitsara any Londres, renivohitry ny fanjakana Anglisy, anio ny raharaha mahasaringotra ny Talen'ny Kabinetra teo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika teo aloha, Andrianarisoa Romy Voos. Raha tsiahivina dia voapaingotra tamin'ny resaka kolikoly avo lenta mahakasika fakana vola tamin'ny orinasa mpitrandraka vatosoa antsoina hoe Gemfields io olona akaiky ny mpitondra ankehitriny io. Ny alakamisy 10 aogositra lasa teo no nosamborin'ny polisy anglisy avy ao amin'ny NCA (National Crime Agency) teo am-pivoriana tao Londres ny tenany ary notanana amponja vonjimaika miandry ny fotoam-pitsarana anio 8 septambra. Nanala azy tamin'ny toerany avy hatrany ny Fiadidiana ny Repoblika taorian'izany sady nanamafy fa tao anatin'ny fialan-tsasatra (congé) Rtoa Andrianarisoa Romy Voos nanomboka ny 9 aogositra ka hatramin'ny 22 aogositra, ka tsy mahafantatra ny antony nandehanany tany Angletera ny fitondrampanjakana. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana ao anatin' izany fa nangina tanteraka ny mikasika iny raharaha iny tao anatin'izay herinandro vitsivitsy izay.

**Mamy R**

Birao politika HVM

# "Melohinay ny fanagiazana ny mpitandro filaminana ho herim-pamoretana"

Roa volana alohan'ny daty voatondro hanatanterahana ny fifidianana izay ho filoham-pirenena, milaza ho mahatsapa ny Birao politika HVM fa mikoroso fahana ny toe-draharaham-politika ary tandindomin-doza ny demokrasia eto Madagasikara. "*Voahitsakitsaka ny zo fototra sy ny zo haneho hevitra ary ny fahalalahan'ny tsirairay hivezivezy sy hivory an-kahalalahana, izay arovan'ny lalampanorenana sy ireo fifanarahana iraisampirenena*", hoy io antoko tarihan'Ing. Rivo Rakotovao io tao anatin'ny fanambarana nosoniaviny, omaly. Tranga nampiharihary izany, hoy izy ireo, ny fanakantsakanana sy barofo natao tamin'ireo kandida nikaondoha sy haneho hevitra teny Mandrimena ny alatsinainy teo, momba ny fiandrianampirenena, ka tokony tsy hanekena ny Filoha vahiny hitondra an'i Madagasikara. Manampy izany, araka ny fanambarana hatrany, ny endrika fiandaniana ataon' ny Prefet Antananarivo, izay mandrara ny famoriambahoaka sy nanao fanagiazana ireo mpitandro ny filaminana ho herim-pamoretana manoloana ireo hetsika atao eto Antananarivo ny 06 ka hatramin'ny 09 Septambra izao, nefa etsy andaniny nomena fahalalahana hamory olona ny antoko eo amin'ny fitondrana teny amin'ny CCI Ivato sy ny tao amin'ny Palais des Sports Mahamasina.

**Mamy R.**

Antoko Freedom

# Nitondra hafatra ho an'ny kandidà Rajoelina

Taorian'ny nanambaran' Atoa Andry Rajoeliina ny maha kandidà azy amin'ny fifidianana filoham-pirenena dia manomboka miseho sahady ny fanohanana avy amin'ireo antoko hafa. Isan'ny nanambara ampahibemaso mikasika izany omaly ny antoko Freedom tarihin-dRtoa Rakotondrazafy Lalatiana. Nitondra hafatra mafonja ho an'ity kandidà tohanany ity izy tetsy amin'ny PK 0 Soarano. Tafiditra ao anatin'izany ny tokony hijerena maika ireo lesoka rehetra nampitaraina ny vahoaka tamin'ny fepotoam-piasana voalohany. Nitondrany fanazavana ihany koa ny antony nanohanany ity kandidà ity, satria azo arovana tsara ny zavabitany. Tafiditra ao anatin' izany ny nananganany ireo fotodrafitrasa maro manerana ny nosy. « *Ny Filoha Rajoelina no sahy niaro ny tombotsoan'ny firenena tamin'ny alalan'ny fitakiana ireo nosy malagasy manodidina noho ny fitiavan-tanindrazana ananany* », hoy izy.

**JUDD**




**Hentitra manoloana ny safidiny ny Filoha Nasionalin'ny antoko Freedom tetsy Soarano.**

## Marina izany !

### Zary lasa resa-jaza !

**Nifarana ny alarobia teo izany ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina. 28 izy ireo no nanatitra dosie ary andrasana amin'ny asabotsy ho avy izao ny lisitra ôfisialy mirakitra ireo afaka hifaninana amin'ny 9 nôvambra. Maro ny tranga nifamahofaho teny anelanelany teny. Tao ny efa nametraka ny antontan-taratasiny no nampahafantatra tamin'ny alalan'ny tambajotra sôsialy indray fa hisintona izany. Nisy ny nanao resabe nampanantena ho kandidà, saingy niova hevitra tamin'ny orana farany indray ka voatery hamerim-bola. Nisy ny nanao fihetsiketseham-be mialoha ny fanaterana ny dosieny. Tao ihany koa ny nametraka antontan-taratasy filatsahan-kofidina na dia fantatra aza fa tsy vonona ho amin'izany. Efa fantampantatra rahateo hoe iza no ao ambadika ary inona no tanjona? Toa zary lasa resa-jaza ny zava-misy. Eny Ambohidahy izany nanomboka tamin'ny alarobia hariva lasa teo ny mason'ny mpanara-baovao pôlitika. Ny kandidà ihany koa azo antoka fa manara-maso akaiky izay ho vokatry ny asan'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana eo, amin'ny maha Andrimpanjakana miantoka ny fampanajana ny lalam-panorenana azy. Mbola mitoetra hatrany mantsy ny adihevitra manodidina ny andininy faha-42 amin'ny lalàna mikasika ny zom-pirenena. Mifanindran-dalana amin' izany, tsikaritra ho mihafanafana hatrany ny fifanadrinan-kevitra eo amin'ny mpanao pôlitika tsy mitovy hevitra sy ny mpomba azy ireo avy. Mihamafana toy izany koa ny tsy fandriam-pahalemana izay mbola mampametra-panontaniana hoe : misy ifandraisany amin'ny pôlitika ve sa vokatry ny fahasahiranana efa lalina loatra ? Tranga ahatarafana sahady ny mety hiseho mandritra ny fampielezan-kevitra, raha toa ka...!**

**Voahangy Rakotozafy**

" Collectif des administrateurs civil "

# Hijoro hanara-maso izay manam-pahefana mandika lalàna"

Voaviravira loatra noho ny tsy fanarahan-dalàna sy ny fanamparam-pahefana ny tanindrazana. Santionany amin'izany ny antsojay ataon'ny mpitandro filaminana hanakanana ny mpanao pôlitika tsy mitovy hevitra amin'ny fanjakana hivory, ny « réquisition » ambarany fa tsy ara-dalàna nataon'ny « prefet »...Ireo raha fintinina no votoatin'ny fanehoankevitra nambaran'i Maharavo Ratolojanahary. Manoloana izany dia nahitsy ny fanambarana nataony, nandritra ny fivahinianany tao amin'ny fandaharana manokan'ny televiziôna tsy miankina iray eto an-drenivohitra, ny alarobia lasa teo. Tandindomin-doza ny firenena, hoy izy, ka antony tsy maintsy hijoroan'ny « collectif des administrateurs civils », hanaramaso ny manam-pahefana isan-tsokajiny tsy manara-dalàna ary hitondra ny raharaha eny amin'ny « Conseil d'Etat » raha ilaina izany. Vao mainka manasarotra ny toe-draharaha pôlitika ny fihetsiky ny fanjakana tsy azo alamina sy ny didin'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana tsy azo ivalozana. Antony tsy maintsy hijoroana mba tsy hitranga eto amintsika ny ady an-trano, hoy ihany i Maharavo Ratolojanahary. Isaorana ny raiamandrenim-piangonana, hoy izy, efa naneho fahavononana hitady vahaolana. Nomarihiny fa amin'ny herinandro ambony no hivory handinika ny fanatanterahana izany ny « Collectif des Administrateurs Civils ».

**V.R.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Fadintseranana malagasy - Fanafarana fiara

# Nohamoraina ny famoahana ny taratasy

*Hanan-kery manomboka amin'ny 1 oktobra.*



Nitondra fanazavana ny tale jeneralin'ny Fadintseranana malagasy. (Sary : Kelly R.)

Mandroso mankany amin'ny fanavaozana ny fitantanan-draharaha ny eo anivon'ny Fadintseranana malagasy. Natomboka omaly, teny Ambodivona, ny fandaharanasa amin'ny fampiasana ny kajimirindra amin'ny famoahana ireo taratasy fanamarinana ireo fiara nohafarana avy any Ivelany. « *Nofenoina an-tanana na amin'ny milina fanoratana sy nasiana fitomboka fotsiny ny « Modèle numero 1 » teo aloha mba hanamarinana fa avy tamin' ny Fadintseranana sy nisy tomponandraikitra namoaka. Ela be koa ny fahazoana azy, satria na vita ao anatin'ny iray andro aza, ohatra, ny fanaovana ny fanambarana dia mety ho 1 na 2 voalana na an-taonany mihitsy vao mandeha ny dingana manaraka. Izany indrindra no nanaovana ny fanavaozana, ka vao vita ao anatin'ny andro iray fotsiny ny fanaovana ny fanambarana dia efa hita ao anatin'ny rafitra firaketana nomerika misy ny taratasy fanamarinana rehetra mombamomba ny fiara, ary afaka manao ny fangatahana ny nomeran'ny fiara eny anivon' ny sampandraharaha misahana izany avy hatrany ny tompon'ny fiara. Sady haingana no ahafahana misoroka ny hosoka ary manatsara ny fampidirambolam-panjakana ity fomba fiasa ity.* », hoy ny tale jeneralin' ny Fadintseranana malagasy, Ernest Zafivanona Lainkana. Hanan-kery manomboka amin'ny voalohan'ny volana oktobra ho avy izao ny fampiharana ity fomba fiasa ity, saingy nomena hatramin'ny faran'ny taona ireo tompon' ny fiara mbola tsy manana nomerao hamadika ny taratasiny ho nomerika.

**R. Muray**

Antananarivo - Toamasina

# Natao adiny 19 ny lalana 360km

Mampijaly ny trangan-javamisy amin'iny lalam-pirenena faharoa mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina iny. Noho ireo sakantsakana maro nisy ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy, lasa natao adiny 19 be izany ny lalana mirefy 360km. Anisan'ny zavatra nisy tany ny fitsivalanan'ny fiara be na kamio eny amin'ny arabe. Tsy iray tsy roa fa maromaro mihitsy. Tsy vitsy ihany koa ireo fiara maty eny amin'ny lalana mitarika fitohanana lavareny. Ny haratsin'ny lalana tsy nahafahana mandeha mafy, ireo lavaka mameno ny arabe tsy lazaina intsony fa sady manimba fiara no mitarika fitohanana. Anisan'ny vokadratsy aterak'izany lalan-dratsy izany ny fahaverezan'ny fotoana. Marobe ny olona nanana fotoana no tsy afaka nahatratra ny ora nifanarahana. Raha amin'ny lafiny ekonomika kosa indray, faty antoka iray lavaka no nisy, satria betsaka ireo entana simba rehefa tsy nahazaka ny hafanana diso tafahoatra. Ny fandaharam-potoana ihany koa tsy mifanaraka amin'izay efa napetraka hatrany amboalohany, ka tsy afaka manatanteraka ny fifanarahampiarahamiasa nataony ireo mpamily kamio. Manomboka izao, rehefa mandeha lavitra amin'ny lalam-pirenena rehetra eto amintsika, aleo mitondra vatsy, satria mety ho taraiky ora maro any anaty ala any ny fiara.

**Nath**



Mampiteny ny moana ny fijaliana amin'iny lalam-pirenena faharoa iny rehefa sendra misy fitohanana. (Tahirin-tsary)

Mpianatry ny Politeknika

# Maro ny tsy fahatomombanan'ny fampianarana iainana

"Maro ny tsy fahatomombanana iainanay mpianatra amin'izao vanim-potoana izao. Hita ary iraisan'ny mpianatra mandrato fahaizana eny amin'ny oniversitem-panjakana rehetra ny zava-misy eny Ankatso. Manao antso amin'ny tomponandraikitra isan-tokony ary ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa izahay mpianatra mba hijery vahaolana haingana sy maharitra hiverenan'ny fampianarana ambony. Tsy vitan'izany ihany koa fa takianay ny hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana eny anivon'ny oniversitem-panjakana manerana ny nosy, mba hifanaraka amin'ny fandrosoan'ny teknolojia misy amin'izao fotoana izao. Manao antso ny hamoahana ny vatsim-pianarana nanaovan'ny mpianatra fanamarihana tamin'ny taona 2022 sy ny hampiakarana 100 isanjato an'izany izahay", hoy ny fanambarana nataon'ny mpianatry ny Politeknika andro vitsy lasa izay. Nomarihin'izy ireo fa ny vatsim-pianarana dia tsy ampy akory amin'ny fandaniana izay tsy maintsy atao amin'ny fianarana. Tsy misy dikany. Ankoatra an'izay ihany koa dia mitaraina ireo mpianatry ny oniversiten'i Fianarantsoa fa tsy mbola voarain'izy ireo ny "prime" nampanantenan'ny Filohampirenena azy ireo tamin'ny taona 2022 ka tsy mbola nisy izany hatramin'izao. "Nahazo prime ny atleta, ka aminay, izy ireo no alohan'ny zavatra rehetra noho ny mpianatra. Raha ny fandinihako azy dia ataon'ny fitondrana tsy misy dikany mihitsy ny mpianatra amin'izao fotoana izao. Azo adika koa hoe adaladalaina, satria efa niandry hatramin'ny ela izahay mpianatra. Amin'ny vatsim-pianarana dia tsy mahaleo ny sarany ny vidiny raha ny fiainana ety amin'ny oniversite. Bokan-trosa ny mpianatra noho ny fandaniana laharam-pahamehana tsy maintsy atao", hoy kosa ny solontenan'ny mpianatr' Andrainjato. Mametra-panontaniana ny amin'ny hoe: ny atleta ve sa ny mpampianatra no tokony homena "prime" ireto mpianatra ireto. Tsy miady vintana amin'ny atleta nahavita be izy ireo, saingy kosa miantso ny fanjakana hijery vahaolana ho an'ny Seces manerana ny nosy.

**HAR**

Voanio

# Efa hita amin'ny endriny vovoka, ranony, ronono ary menaka

Anisan'ny vokatra betsaka eto amintsika ny coco na voanio, indrindra fa any amin'ny tapany avaratra sy atsinanan'ny Nosy iny. Azo ampiasaina amin'ny fikarakarana endrika amambika ary volo, fitsaboana ary indrindra amin'ny sakafo sy zavapisotro izy io. Ho an'ireo zaza menavava, tena miasa ny menaka voanio. Ireo mpahandro malaza eto amintsika dia mampiasa azy io avokoa, satria sady azo atao amin'ny vary, amin'ny trondro, amin'ny akoho, ravintoto ary hanaovana zavapisotro toy ny "punch" na "cocktail" ny voanio. Ilana fahaizana manokana ny fakana ireo akora hahafahana mahazo ilay tsiro sy fofona tadiavina. Amin'izao fotoana izao, noho ny fikarohana natao, dia efa hita amin'ny endriny maro io voanio io. Sady manamora ny fiainana no manampy amin'ny fikarakarana ihany koa izany. Efa misy ny ronono coco, crème, vovony, ranony ary menaka eto amintsika. Tombony goavana amin'ny fampiasana ilay vovoka Coco Kara ny fitehirizana azy maharitra amantaonany kanefa tsy misy akora simika fa natoraly tsara. Betsaka ireo mpahandro, tsy eto ihany fa avy amin'ny firenena maro, no mampiasa io vovoka coco kara io rehefa nahita tombontsoa taminy. Toraka izay ihany koa ireo mpanao mofomamy izay afa-po amin'ny fampiasana ity vovoka coco ity. Mety ho mora simba mantsy ny ranony sy ny crème ary voafetra ihany ny fotoana hitehirizana azy ireo any anaty vata fampangatsiahana.



Azo ampiasaina amin'ny zavatra maro ny voanio, indrindra fa amin'ny fanaovana sakafo.

**Nath**

Fitaovan'ny mpianatra

# Maro ireo ray aman-dreny tsy mbola nahavidy manontolo

Efa niverina any an-tsekoly ireo mpianatra amin'ny sekolim-panjakana ary amin'ny herinandro ho an'ny sekoly tsy miankina sasany. Maro anefa amin'izao ireo ray aman-dreny tsy mbola nahavidy fitaovana manontolo akory noho ny fahasahiranana. "Tena henjana be ny vidin'ny fitaovana amin'izao, izay tena mampikolay mihitsy fa niakatra be sady midangana efa ho avo roa heny noho ny tamin'ny taon-dasa. « *Mianadahy ny zanako mianatra fa efa mafy ny fiatrehana ny fidirana. Tamin'ny taona lasa, ny stylo mbola 600 sy 700 Ar fa amin'izao efa 900 Ar ny iray. Vidina tsikelikely eo fa hatreto mbola kahiè iray fonosana amin'ny 100 pejy sy stylo 4 no vaovidinay mivady ho azy mianadahy*", hoy ny Rtoa Landy, nitafa taminay teny Analakely omaly. Nomarihiny fa samy efa mpianatra eny amin'ny Ceg ireo zanany ireo. Tamin' ireo ray aman-drenin'ny mpianatra 5 nitafa taminay dia samy nitaraiana ny halafon'ny vidim-pitaovan' ny mpianatra avokoa izy ireo. Ny zava-misy, hoy izy ireo, dia teo ny adidy sy andraikitra tsy maintsy natao eo anivon' ny fianakaviana noho ny famadihana natao ka amin' izao indray vao manomana ny fidiran'ny mpianatra. "Ny FEFI aza dia tsy maintsy nifampiresahana tamin'ny tomponandraikitra. Voatery naloa indroa izany vao vita satria niakatra ihany koa ny vola naloa amin'izany, niampy 7000 Ar noho ny teo aloha. Tena sahirana izahay tamin'ity taom-pianarana ity amin'ny fampidirana mpianatra", hoy hatrany ity nitafa taminay. Raha ny fandihadiana nataonay dia miovaova arakaraka ny toeram-pianarana ny vola aloa amin'ny FEFI noho ny tetikasa na fanatsarana tian'ny ray aman-drenin'ny mpianatra hatao. Raha ho an'ny Ceg Radama I, any Toamasina, araka ny fanazavan'ny tale taminay, dia niakatra 40.000 Ar isaky ny mpianatra ny latsakemboka aloa ho fanamboarana fotodrafitrasa ilain'ny Ceg. Io vola io dia natao hividianana kojakoja ilaina amin'ny asa fanorenana atao.

**HAR**